

**VICE-PRIMATURE CHARGÉE
DES PROGRAMMES ÉCONOMIQUES
MINISTÈRE DES TRANSPORTS, DES TRAVAUX
PUBLICS ET DE L'AMÉNAGEMENT DU
TERRITOIRE**

**MINISTÈRE DE LA SÉCURITÉ PUBLIQUE
MINISTÈRE AUPRÈS DE LA PRÉSIDENTE
DE LA RÉPUBLIQUE
CHARGÉ DE LA DÉCENTRALISATION,
DU DÉVELOPPEMENT DES PROVINCES
AUTONOMES ET DES COMMUNES**

ARRÊTÉ INTERMINISTÉRIEL

N° 9526/2003

**portant application du décret n° 2002-979 du 29 août 2002
réorientant l'autorité pour la protection contre les
inondations de la plaine d'Antananarivo.**

*Le Vice-Premier Ministre chargé des Programmes
économiques, Ministre des Transports, des Travaux publics et de
l'Aménagement du territoire, le Ministre de la Sécurité publique, le
Ministre auprès de la Présidence de la République chargé de la
Décentralisation, du Développement des Provinces autonomes des
Communes,*

Vu la Constitution,

*Vu la loi n° 95-034 du 3 octobre 1995 autorisant la création des organismes
chargés de la protection contre les inondations et fixant les redevances pour la
protection contre les inondations,*

Araka ny lalàna laharana faha-98-031 tamin' ny 20 janoary 1999 amaritana ny antokon-draharaham-panjakana sy ireo didy aman-dalàna mikasika ny fananganana sokajin' antokon-draharaham-panjakana.

Araka ny hitsivolana laharana faha-60-167 tamin' ny 3 oktobra 1960 momba ny fanatsarana ny tanàna novàn' ny hitsivolana laharana faha-92-033 tamin' ny 17 jolay 1992.

Araka ny hitsivolana laharana faha-62-115 tamin' ny 1 oktobra 1962 momba ny fanomezan-dalàna hanorina sy ny fitsinjaràna ny tany.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-63-192 tamin' ny 27 martsa 1963 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny fanatsarana ny tanàna sy ny fonenana.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-335 tamin' ny 5 mey 1999 amaritana ny sata-lasitry ny antokon-draharaham-panjakana eto amin' ny firenena.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-979 tamin' ny 28 aogositra 2002 anoritana indray ny lalan' ny manampahafana eo amin' ny fiarovana amin' ny tondra-drano eo amin' ny lemaka' Antananarivo.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-007 tamin' ny 12 janoary 2003 manendry ny Praminisitry sady Lehiben' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-008 tamin' ny 16 janoary 2003 manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta.

Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny talen' ny Fohibem-pitondrana ny fanajariana ny tany.

Dia mamoaka izao didim-pitondrana izao :

Andininy voalohany. – Ny fanotofan-tany na ny lahasampanorenana eo amin' ny tany vita tototra eo amin' ny lemaka tafiditra ao amin' ny faritry ny "Grand Tana" :

– Kaominina ambonivohitr' Antananarivo-Renivohitra;

– Fivondronampokontanin' Ambohidratrimo izay ahitana ny Kaominina : Ambohitrimanjaka, Antehiroka, Ivato-Aéroport, Ivato-Firaisana, Talatamaty, Ambohidratrimo, Iarinarivo, Ampangabe;

– Fivondronampokontanin' Antananarivo-Avaradrano ahitana ny Kaominina : Alasora, Ambohimambola, Ambohimangakely, Ankadikely-Ilafy, Sabotsy-Namehana, Masindray;

– Fivondronampokontanin' Antananarivo-Atsimondrano ahitana ny Kaominina : Ampitafika, Ambohidrapeto, Andoharanofotsy, Andranonahoatra, Ankarabato, Bemasoandro, Itaosy, Soalandy, Tanjombato, Fenoarivo dia tsy maintsy ahazoana fanomezan-dalàna avy amin' ny Kaominina rahafa nahazo ny fankatoavana "avis favorable" avy amin' ny Vaomiera teknika voalaza ao amin' ny andininy faha-2 etsy ambany.

And. 2. – Ny Vaomiera teknika miandraikitra ny fandinihina ny fangatahana fanotoran-tany na fanorenana eo amin' ny tany nototofana dia tarihin' ny solontenan' ny minisitery miandraikitra ny Fanajariana ny tany izay nomena fahefana ary anisan' ny vaomiera :

• Ny Tale jeneralin' ny APIPA na ny solontenany;

• Solontena iray avy amin' ny Sampan-draharaham-paritry ny Faritany mizaka tenan' Antananarivo ao amin' ny minisitery miandraikitra ny Fanajariana ny Tany;

• Solontena iray avy amin' ny tetik' asa fampivoarana sy fanajariana ny faritra (BPPAR);

• Solontena iray avy amin' ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fandinihina ny antontan-taratasy fangatahana fahazoan-dalàna hanorina ao amin' ny Kaominina voakasika;

• Solontena iray avy amin' ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanadiovana ny Kaominina voakasika;

• Ny fitanana an-tsoratra dia iandraiketan' ny APIPA;

• Ny Vaomiera dia mivory, raha misy fiantsoana am-bava, na an-tsoratra ataon' ny APIPA, arakaraky ny filàna misy, farafahakeliny indray mandeha isam-bolana. Ny mpikambana ao amin' ny Vaomiera dia omena tambim-pivezivezena ka ny APIPA no mamaritra ny sandan' izany tamby izany.

And. 3. – Ny antontan-taratasy fangatahana fanotoran-tany ataon' ny tompon' ny tany na ny solontenany nomem-pahefana dia avantana amin' ny ben' ny tanànan' ny Kaominina voakasika izany ary tsy maintsy ahitana ireto singan-taratasy manaraka ireto :

Vu la loi n° 98-031 du 20 janvier 1999 portant définition des établissements publics et des règles concernant la création de catégorie d'établissements publics,

Vu l'ordonnance n° 60-167 du 3 octobre 1960 relative à l'urbanisme, modifiée par l'ordonnance n° 92-033 du 17 juillet 1992,

Vu l'ordonnance n° 62-115 du 1^{er} octobre 1962 relative aux permis de construire et aux lotissements,

Vu le décret n° 63-192 du 27 mars 1963 fixant le Code de l'urbanisme et de l'habitat,

Vu le décret n° 99-335 du 5 mai 1999 définissant le statut-type des établissements publics nationaux,

Vu le décret n° 2002-979 du 28 août 2002 portant réorientation de l'autorité pour la protection contre les inondations de la plaine d'Antananarivo,

Vu le décret n° 2003-007 du 12 janvier 2003 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-008 du 16 janvier 2003 portant nomination des membres du Gouvernement,

Sur proposition du directeur de l'aménagement du territoire,

Arrêtent :

Article premier. – Tous travaux de remblaiement ou de construction sur remblai de la plaine comprise dans le périmètre du Grand Tana :

– Commune urbaine d'Antananarivo-Renivohitra;

– Fivondronampokontany d'Ambohidratrimo comprenant les Communes de : Ambohitrimanjaka, Antehiroka, Ivato-Aéroport, Ivato-Firaisana, Talatamaty, Ambohidratrimo, Iarinarivo, Ampangabe;

– Fivondronampokontany d'Antananarivo-Avaradrano comprenant les Communes de : Alasora, Ambohimambola, Ambohimangakely, Ankadikely-Ilafy, Sabotsy-Namehana, Masindray;

– Fivondronampokontany d'Antananarivo-Atsimondrano comprenant les Communes de : Ampitafika, Ambohidrapeto, Andoharanofotsy, Andranonahoatra, Ankarabato, Bemasoandro, Itaosy, Soalandy, Tanjombato, Fenoarivo, sont soumis à autorisation délivrée par la Commune après "avis favorable" de la Commission technique visée à l'article 2 infra.

Art. 2. – La Commission technique chargée de l'examen des demandes de remblaiement ou de construction sur remblai est présidée par un représentant du ministère chargé de l'Aménagement du territoire dûment mandaté et comprend :

• Le Directeur général de l'APIPA ou son représentant;

• Un représentant du Service régional de la Province autonome d'Antananarivo auprès du ministère chargé de l'Aménagement du Territoire;

• Un représentant du Bureau des Projets de Promotion et d'Aménagement des Régions (BPPAR);

• Un représentant du service chargé de l'instruction des dossiers de permis de construire de la Commune concernée;

• Un représentant du Service chargé de l'assainissement de la Commune concernée.

• Le secrétariat est assuré par l'APIPA

• La Commission se réunit, sur convocation verbale ou écrite de l'APIPA, selon la nécessité en cours au moins une (1) fois par mois. Les membres de la Commission ont droit à une indemnité de déplacement. Le taux de cette indemnité sera fixé par l'APIPA.

Art. 3. – Le dossier de demande de remblaiement, établi par le propriétaire du terrain ou son mandataire, sera adressé au maire de la Commune concernée et devra comporter les pièces suivantes :

a. Fangatahana atao sosony telo mitovy milaza mazava ny anaran' ny tompo, ny anaran' ny tany sy ny laharan' ny tita, ny toerana misy ny tany, ny mari-pabavo ho *tratarina amin' ny fahavitan' ny fanotorana*, ary koa ny hampiasana ny tany aorian' ny asa fanotorana atao;

b. Taratasy manamarina ny fahavitana kadasitra na taratasy manamarina ny fahavitana baorina nomena latsaky ny telo (3) volana;

d. Drafy-tsary ofisialy misy ny maridrefy Laborde atao sosony telo mitovy;

e. Antontan-taratasy mikasika ny fandaharana ho mahitsy ny fanorenana manamorona ny arabe izay ahitana ny fitanana antoratra sy ny drafitsary mifanandrify amin' izany;

f. Drafy-tsary fanadiovana misy ny drafy-tsary maneho ny fanariana ny rano avy nampiasaina sy ny rano mikoriana ho an' ny ampahan-tany manana velarana mihoatra ny 1 000 metatra toradroa. Io drafy-tsary io dia fenoan' ny drafy-tsary maneho ny fanorenana kasaina hatao ary koa ny sary maneho ny lafiny manatrika sy ny mihorirana ilaina mba ahazoana tsara izany;

g. Ny drafitsary maneho ny faritra misy ny tany.

Atao sosony telo ihany koa ny fitambarany.

Ireo antontan-taratasy rehetra voalaza ireo, afa-tsy ny voatondro eo amin' ny andalana b sy d etsy ambonany dia tsy maintsy soniavin' ny tompo ny tany na izay solontena omeny fahefana hanao izany.

And. 4. - Aorian' ny fanekena mialoha ataon' ny Kaominina voakasika dia alefa ao amin' ny Foibem-pitondrana ankapoben' ny APIPA ny antontan-taratasy izay handroso izany hodinihan' ny fivoriana ny vaomiera teknika.

Io Vaomiera io no handroso izany amin' ny fandinihana ny antontan-taratasy sy hanome ny fanapahan-kevitra ara-teknika mifototra amin' ny antontan-taratasy foronina sy ny fidinana eny an-toerana natrehin' ny mpangataka.

Ny Vaomiera teknika dia tsy maintsy mijery amin' ny fandraisany fanapahan-kevitra ny fepetra momba ny rija-teny manakery mikasika ny fanajariana ny tany.

Raha toa ny vaomiera ka manome fanekena amin' ny fangatahana fanotoran-tany dia ny Tale jeneralin' ny APIPA no mampianao ny taratasy fampianefam-bola na filazana fandoavam-bola izay mitontany mitovy amin' ny vola fandoa andraisana anjara amin' ny saram-piorenana am-boalohany araka ny voalaza ao amin' ny andininy faha-10 sy faha-13 ao amin' ny lalàna laharana faha-95-034 tamin' ny 3 oktobra 1995. Indray mandeha ihany no anefana io vola fandoa io. Ny tompo ny tany efa nahalao izany dia tsy mandoa io karazana vola fandoa ho fandraisana anjara amin' ny saram-piorenana am-boalohany io intsony.

Rehefa hita ny tapakila fanefam-bola nataon' ny agent comptable ao amin' ny APIPA, dia hampitain' ny Foibem-pitondrana ankapoben' ny APIPA any amin' ny Kaominina voakasik' izany ny antontan-taratasy mba ahafahan' ity farany mamoaika ny fahazoan-dàlana anototra tany. Andefasany dika mitovy amin' ny fahazoan-dàlana ny APIPA izay hanoratra izany amin' ny angontahiry momba ny fanotofan-tany nahazoana alàlana.

Raha dila ny fe-potoana roa (2) volana aorian' ny nandefasan' ny APIPA ny antontan-taratasy izay efa nahazo ny faneken' ny Vaomiera teknika any amin' ny Kaominina nefa mbola tsy nomen' ny Kaominina ihany ny fahazoan-dàlana hanototra tany dia azon' ny mpangataka atao ny manatona ny minisitera miandraikitra ny Fanajariana ny Tany izay hanome azy ny fahazoan-dàlana hanototra sy hanorina eo amin' ny tany voatototra.

And. 5. - Tsy manan-kery ny fahazoan-dàlana hanototra tany raha tsy noefaina ny vola fandoa any amin' ny APIPA.

And. 6. - Ny tompo-tany rehetra izay mikasa ny hanorina eo amin' ny tany efa voatototra, tsy nahazoana alàlana na nahazoana alàlana taorian' ny nivoahan' ny lalàna laharana faha-95-034 tamin' ny 3 oktobra 1995 dia tsy maintsy mandoa ny vola fandoa ho fandraisana anjara amin' ny saram-piorenana am-boalohany, ka ny sandan' izany dia izay ampiharina amin' ny vaninandro andoavany izany.

a. La demande, en triple exemplaires, précisant le nom du propriétaire, le nom de la propriété et le numéro du titre, la localisation du terrain, la cote projetée du remblai terminé, ainsi que la destination de l'emprise, une fois les travaux sollicités réalisés;

b. Le certificat d'immatriculation ou de situation juridique délivré depuis moins de trois (3) mois;

c. Le plan officiel avec coordonnées Laborde en trois (03) exemplaires;

d. Le dossier d'alignement comportant le procès-verbal d'alignement et les plans correspondants;

e. Le plan d'assainissement comprenant le plan d'évacuation des eaux usées et des eaux de ruissellement pour les parcelles dont la superficie visée dépasse 1 000 mètres carrés. Ce plan sera complété par le plan des ouvrages projetés ainsi que par les profils en long et en travers, nécessaires pour sa compréhension;

f. Le plan de repérage.

L'ensemble sera également établi en trois (3) exemplaires.

Tous ces documents, à l'exclusion de ceux désignés aux alinéas b et c ci-dessus, devront être signés par le propriétaire du terrain ou de son représentant dûment mandaté.

Art. 4. - Le dossier, après avis préalable de la Commune concernée, devra être transmis à la Direction générale de l'APIPA qui la soumettra à la réunion de la Commission technique.

Cette Commission procédera à l'étude du dossier et émettra son avis technique sur la base des pièces fournies et des constats sur sites assistés par le demandeur.

La Commission technique devra prendre en compte dans sa prise de décision toutes les dispositions des textes en vigueur relatifs à l'aménagement du territoire.

Si la commission émet un avis favorable à la demande de remblaiement, le Directeur général de l'APIPA fait établir un ordre de recette d'égal montant à celui de la redevance de participation aux frais de premier établissement, telle que spécifiée aux articles 10 à 13 de la loi n° 95-034 du 3 octobre 1995. Cette redevance n'est perçue qu'une seule fois. Les propriétaires de terrains ayant déjà acquitté la redevance de participation aux frais de premier établissement ne sont plus passibles de ce type de redevance.

Au vu du récépissé de paiement établi par l'agent comptable de l'APIPA, la Direction générale de l'APIPA transmettra le dossier à la Commune concernée pour que cette dernière puisse délivrer à l'intéressé l'autorisation de remblaiement avec ampliation à l'APIPA qui l'enregistrera séquentiellement au fichier des remblaiements autorisés.

Faute par la Commune d'avoir notifié sa décision en matière de permis de remblaiement deux (2) mois après la transmission par l'APIPA du dossier ayant reçu l'avis favorable de la Commission technique, le demandeur peut saisir le ministre chargé de l'Aménagement du Territoire qui en délivrera l'autorisation de remblaiement ou de construction sur remblai.

Art. 5. - L'autorisation de remblaiement ou de construction sur remblai n'est valable qu'après paiement des redevances à l'APIPA.

Art. 6. - Tous propriétaires, qui désirent projeter une construction sur un terrain remblayé, soit sans autorisation, soit avec autorisation postérieure à la promulgation de la loi n° 95-034 du 3 octobre 1995, sont aussi assujettis au paiement de la redevance de participation aux frais de premier établissement dont le taux sera celui applicable à la date de régularisation.

And. 7. – Ny laharana sy ny vaninandro entin' ny fahazoan-dalana hanototra na hanorina, ny anaran' ny tompon' ny tany, ny anaran' ny mpanandraharaha miantoka ny fanotorana dia tsy maintsy apetaka eo amin' ny toerana hototofana, alohan' ny anombohan' ny asa sy mandritra ny fotoana aharetan' ny asa fanotoran-tany na ny asa fanorenana eo amin' ny tany nototorana.

And. 8. – Tsy maintsy ilaina ny fahazoan-dalana avy amin' ny Tale jeneralin' ny APIPA amin' ny fitaterana tany ao anatin' ny faritra voafaritry ao amin' ny andininy voalohany amin' ny didim-panjakana laharana faha-2002-979 tamin' ny 28 aogositra 2002.

Ny fahazoan-dalana hitatitra tany izay tsy mihoatra ny iray (1) volana ny fotoana mampanan-kery azy dia tsy maintsy havaozina isan-taona.

Ny fahazoan-dalana hitatitra tany dia tsy maintsy atao mitovy amin' ny modely izay ampiarahana amin' ity didim-pitondrana ity.

Hapetraka ao amin' ny APIPA ny antontan-taratasy fangatahana fahazoan-dalana hitatitra tany ary misy ireto singan-taratasy manaraka ireto :

- fangatahana izay manondro ny laharana sy ny vaninandro entin' ny fahazoan-dalana hanototra, ny faharetan' ny asa, ny anarana sy ny adiresin' ny tompon' ny tany, ny toerana hototofana, ny isa sy ny laharam-pisoratan' ireo fiarakodia vaventy, ny lalana holalovany;

- dika sarin' ny fahazoan-dalana hanototra tany;
- dika sarin' ny "carte grise".

Tsy mihoatra ny 16 taonina ny tontalin' ny lanjan' ny tany sy ny fiara.

And. 9. – Ny fandikana ny fepetra voalazan' ity didim-pitondrana ity dia hohamarinina amin' ny alàlan' ny fitanana antsoatra na ataon' ny "agents verbalisateurs" ao amin' ny Kaominina voakasik' izany, na ataon' ny "agents de police" momba ny fanotoran-tany ao amin' ny APIPA na izay antokon-draharaha nomem-pahefana hanao izany.

And. 10. – Ny fandikana mikasika ny fahazoan-dalana hanototra tany na ny fahazoan-dalana hanorina eo amin' ny tany nototofana dia sazan' ny andininy faha-11 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-60-167 tamin' ny 3 oktobra 1960 momba ny fanatsarana ny tanàna novan' ny hitsivolana laharana faha-92-033 tamin' ny 17 jolay 1992 voalaza etsy ambony, ka toy izao ny sazy :

1. Ao anatin' ireo faritra voarara tsy azo anaovana asa fanajariana, ho fampiharana ny fepetra voalaza ao amin' ny andalana voalohany amin' ny andininy voalohany etsy ambony, dia sazanana handoa vola iray tapitrisa Iraimbilanja ka hatramin' ny folo tapitrisa Iraimbilanja sy/na sazy efa-bolana ka hatramin' ny telo taona an-tranomaizina, izany dia tsy manakana ny fanerena hamerina ny tany amin' ny toetrany taloha ka ilay mpanao fandikan-dalana no miantoka ny lany amin' izany;

2. Ho an' ny faritra izay mila fahazoan-dalana araka ny fepetra voalazan' ny andalana faha-4 amin' ny andininy faha-4 eo ambony, dia sazanana handoa vola iray tapitrisa Iraimbilanja ka hatramin' ny dimy tapitrisa Iraimbilanja sy/na sazy telo volana ka hatramin' ny roa taona an-tranomaizina, izany dia tsy manakana ny fanerena hamerina ny tany amin' ny toerany taloha ka ilay nanao fandikan-dalana no miantoka ny lany amin' izany.

Ankoatr' izany dia azo atao koa ny manery ny mpanjaka lalana handoa vola izay ferana ho (1,00 ‰), ampaharivon' ny vidin' ny iray metatra toratelon' ny tany hatototra isan' andro ka kaontina isan' andro arakaraka ny fahataran' ny fanesorana ny fanotorana na fanorenana eo an-toerana araka ny voalazan' ny andininy faha-7 ao amin' ny lalana laharana faha-95-034 tamin' ny 3 oktobra 1995.

Io fahatarana io dia hohamarinina manomboka amin' ny vaninandro izay ferana ao anatin' ny fitanana antsoatra ahitana fototra ny fisian' ny fandikan-dalana.

And. 11. – Ny fiara rehetra izay nandika ny lalana mikasika ny fitaterana tany dia hampidirina ao amin' ny toeram-panagiazana araka ny fepetra voalazan' ny rijan-teny manan-kery, izany dia tsy manakana ny sazy ara-pitondrana na ny sazy famaizana indrindra indrindra ny voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony.

Art. 7. – Le numéro et la date du permis de remblayer ou de construire, le nom du propriétaire du terrain, le nom de l'entrepreneur doivent être affichés sur un panneau de chantier mis en place avant le début et durant toute la durée des travaux de remblaiement ou de construction sur remblai.

Art. 8. – Une autorisation du Directeur général de l'APIPA est obligatoire pour tout transport de terre compris dans la zone définie dans l'article premier du décret n° 2002-979 du 28 août 2002.

Les autorisations de transport de terre dont la durée de validité ne doit pas excéder un (1) mois doivent être renouvelées mensuellement.

Les autorisations de transport de terre doivent être conformes au modèle annexé au présent arrêté.

Le dossier de demande de transport de terre doit être déposé auprès de l'APIPA et comporte les pièces suivantes :

- une demande précisant le numéro et la date du permis de remblayer, la durée des travaux, le nom et l'adresse du propriétaire du terrain, la localisation du chantier, le nombre et le(s) numéro(s) d'immatriculation du(es) camion(s), le circuit du(es) camion(s);

- la photocopie du permis de remblayer;
- la(es) photocopie(s) de la carte grise.

Le poids total en charge autorisé ne doit pas dépasser 16 tonnes.

Art. 9. – Toute infraction aux dispositions du présent arrêté sera constatée par procès-verbal établi soit par les agents verbalisateurs de la Commune concernée, soit par les agents de la police de remblai de l'APIPA ou de tout organisme dûment mandaté à cet effet.

Art. 10. – Les infractions relatives au permis de remblayer ou de permis de construire sur remblai sont punies des peines prévues à l'article 11 de l'ordonnance n° 60-167 du 3 octobre 1960 relative à l'urbanisme, modifiée par l'ordonnance n° 92-033 du 17 juillet 1992 susvisées, à savoir :

1. Dans les zones où tout aménagement est interdit en application des dispositions du premier alinéa de l'article premier ci-dessus, une amende allant de un à dix millions de francs malagasy et/ou une peine d'emprisonnement de quatre mois à trois ans, sans préjudice de l'obligation de la remise en état initial des lieux aux frais du contrevenant;

2. Dans les zones soumises à autorisation conformément aux dispositions de l'alinéa 4 de l'article 4 ci-dessus, une amende allant de un à cinq millions de francs malagasy, et/ou une peine d'emprisonnement de trois mois à deux ans, sans préjudice de l'obligation de la remise en l'état initial des lieux aux frais du contrevenant.

Par ailleurs, il pourra être imposé au contrevenant, une astreinte par jour calendaire de retard et par mètre carré de la surface de la parcelle, au moins égale à un pour mille (1,00 ‰) du prix moyen du mètre cube de remblai cité dans l'article 7 de la loi n° 95-034 du 3 octobre 1995.

Ce retard sera constaté à partir de la date fixée dans le procès-verbal constatant l'infraction.

Art. 11. – Tous véhicules en situation d'infraction relative au transport de terre seront mis en fourrière conformément aux dispositions des textes en vigueur, sans préjudice des sanctions administratives ou pénales, plus particulièrement l'article 10 ci-dessus.

And. 12. – Mety hitrika ny fisintonana na ny fampiatoana ny fahazoan-dàlana hanototra tany sy hanorina eo amin' ny tany natototra ny tsy fanaovana peta-drindrina izany fahazoan-dàlana izany.

And. 13. – Azon' ny mpandraharaha ao amin' ny filaminam-bahoaka atao (Zandarimaria na Polisim-pirenena) ny manome tanana raha toa izy ireo ka nahazo fiantsoana ara-dalàna avy amin' ny ben' ny tanàna na ny Tale jeneralin' ny APIPA.

And. 14. – Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin' izay voalazan' ity didim-pitondrana ity.

And. 15. – Ny Prefe sy ny Soprefe ao amin' ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo-Atsimondrano, Antananarivo-Avaradrano, ao Ambohidratrimo, ny ben' ny tanànan' ireo Kaominina voakasika ary koa ny Tale jeneralin' ny APIPA no miandraikitra araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-pitondrana ity izay havoaka ao amin' ny *Gazetim-panjakan' ny Repoblika*.

Antananarivo, ny 19 jona 2003.

*Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra
ny Fandaharanasa ara-toekarena,
ny Minisitry ny Fitaterana, ny Asa vaventy
ary ny Fanajariana ny Tany,*

RAMANDIMBIARISON Zaza Manitranja.

*Ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka,
AMADY Augustin.*

*Ny Minisitry ao amin' ny Fiadidiana
ny Repoblika miandraikitra
ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana
ny Faritany mizaka tena sy ny Kaominina,
ANDREAS ESOAVELOMANDROSO Monique.*

Art. 12. – Le non respect de l'affichage du permis de remblayer ou de construire sur remblai peut entraîner le retrait ou la suspension dudit permis.

Art. 13. – Les agents de la sécurité publique (Gendarmerie ou Police nationale) peuvent prêter main forte lorsqu'ils sont légalement requis par les maires ou le Directeur général de l'APIPA.

Art. 14. – Toutes dispositions antérieures contraires à celles du présent arrêté sont et demeurent abrogées.

Art. 15. – Les Préfets et les Sous-Préfets des Fivondronampokontany d'Antananarivo-Renivohitra, d'Antananarivo-Atsimondrano, d'Antananarivo-Avaradrano, d'Ambohidratrimo, les maires de la Commune concernée ainsi que le Directeur général de l'APIPA sont chargés, chacun en ce qui concerne, de l'exécution du présent arrêté qui sera publié au *Journal officiel de la République*.

Antananarivo, le 19 juin 2003.

*Le Vice-Premier Ministre
chargé des Programmes économiques,
Ministre des Transports, des Travaux publics
et de l'Aménagement du Territoire,
RAMANDIMBIARISON Zaza Manitranja.*

*Le Ministre de la Sécurité publique,
AMADY Augustin.*

*Le Ministre auprès de la Présidence
de la République
chargé de la Décentralisation, du Développement
des Provinces autonomes et des Communes,
ANDREAS ESOAVELOMANDROSO Monique.*